



FIADIDIANA NY REPOBLIKA
FAMPITAM-BAOVAO

Tafaverina eto an-tanindrazana ny andiany voalohany amin'ireo vehivavy tany Koweït

Tonga eto an-tanindrazana ny andiany voalohany amin'ireo vehivavy malagasy niasa nefà niharitra fampijaliana avy amin'ny mpampiasa azy ireo tany Koweït. Miisa 46 izy ireo ary mbola misy 76 ireo izay mbola miandry ny fampodiana azy eto Madagasikara. Nihaona tamin'ny filoham-pirenena Andry Rajoelina ireto vehivavy voa tonga ireto androany harivan'ny 30 martsa 2019 tao amin'ny lapam-panjakana Ambohitsorohitra.

Naneho ny fankasitrahany ny filoham-pirenena ireto vehivavy ireto nohon'ny namaliany ny antson'izy ireo sy ny nandraisany an-tanana ny fampodiana azy ireo eto an-tanindrazana. Nizara tamin'ny filoha Andry Rajoelina ihany koa izy ireo, ny momban'ny fijaliana niainan'izy ireo tany Koweït. Tao ny voavono, ny voaolana, ny tsy nahazo karama nandritra ny volana maro ary ny niharan'ny herisetra isan-karazany. Nanambara ihany koa ireo vehivavy ireo fa tsy fidiny ho azy ireo no nandehanany tany Koweït fa noteren'ny fitadiavana sy ny fahantrana nianinany izy, ka nanapa-kevitra ny hitady ravinahitra tany ivelany.

Nanazava tamin'ireto vehivavy ireto ny filoham-pirenena Andry Rajoelina fa efa misy ny fepetra napetraky ny fitondram-panjakana, toy ny tetikasa Fihariana, entina hanampiana ireo olom-pirenena malagasy, ka ny faniriany dia ny mba hisitraka izany ireto vehivavy ireto. Hifanome Tanana sy hiara-hiombon'antoka amin'ny fanampiana ireto vehivavy ireto hiverina eo anivon'ny sehatry ny asa sy ny fiaraha-monina, ny Ministeran'ny Mponina sy Fikambanana Iraisam-pirenena misahana ny fifindra-monina (Organisation Internationale pour les Migrations)

Teo am-pamaranana dia nankahery hatrany ireto vehivavy malagasy ireto ny filoham-pirenena ary nanolotra valopy fanampiana azy ireo hahafahany miverina any amin'ny faritra niaviany avy.

Fiadidiana ny Seraseran'ny Repoblika

30-03-2019